



Siège national  
47 rue d Clichy  
75311 Paris Cedex 09  
Tél : 01 45 96 03 05

FOTOAM-BAVAKA FPMA  
VEILLEE DE PRIERE FPMA

**NY FAKAM-PANAHY – LES TENTATIONS**

Alatsinainy 15 jiona 2020  
*Lundi 15 juin 2020*

**NY FAKAM-PANAHIN'I JOSEFA (Gen. 39, 1-23)**  
**– LA TENTATION DE JOSEPH (Gen. 39, 1-23)**

**Amin'ny Anaran'Andriamanitra Ray sy Zanaka ary Fanahy Masina – Au Nom du Dieu le Père, le Fils et le Saint-Esprit. Amen !**

**Vavaka tarihin'i (Prière dirigée par) Pasteur Donald GIZY**

**Tenin'Andriamanitra – Parole de Dieu : Gen. 39, 9 :**

« Koa hataoko ahoana no hanao izany ratsy lehibe izany ka hanota amin'Andriamanitra » ? –  
« *Comment pourrais-je commettre un aussi grand mal et pécher contre Dieu* » ? Amen !

**Teny fampidirana – Introduction**

**Hira (Chant) chorale : Ny tany izay diavinay**

1. Ny tany izay diavinay, Jesosy ô  
Dia tany mahasolafaka tsy maharo  
Fa na iza re mbola nofo sy ra  
Tsy maintsy solafaka.

Fiverenana :

*Oh, oh*

*Ka vonjeo amin'ny sandrinao*

*Hijoroako ho vavolombelonao*

*Hiadiako ny ady tsaran'ny finoana*

*Hananako fiaina-mandrakizay.*

- 2 Ny tany izay diavinay, Jesosy ô  
Maneho famoizam-po satria hitanao  
Fa manjaka ao ny haratsiana izay  
Tsy hay tanisaina indray.

**Teksta 1 – Texte 1 : Gen. 39, 1-6a :**

1 Ary Josefa nentina nidina ho any Egipta ary Potifara, lehilahy Egyptiana, tandapan'i Faraô sady mpifehy ny mpiambina, no nividy azy tamin'ny Ismaelita, izay nitondra azy nidina tany. 2 Ary Ny TOMPO nomba an'i Josefa, dia lehilahy nambinina izy ; ary nitoetra tao an-tranon'ilay Egyptiana tompony izy. 3 Ary hitan'ny tompony fa nomban'Ny TOMPO izy, ka izay rehetra nataony dia nambinin'Ny TOMPO avokoa teo aminy. 4 Ary Josefa nahita fitia teo imason'ny tompony ka dia nanompo azy, dia notendreny ho mpikarakara ny tao an-tranony, ary izay rehetra nananany dia natolony ho andraikiny. 5 Ary hatramin'izay nanendreny azy ho mpikarakara ny tao an-tranony mbamin'izay rehetra nananany dia notahin'Ny TOMPO ny tranon'ilay Egyptiana noho ny amin'i Josefa : ary ny fitahian'Ny TOMPO nomba izay rehetra nananany, na ny tao an-trano, na ny tany an-tsaha. 6 Dia navelany ho andraikitr'i Josefa izay rehetra nananany, ary izy tsy nihevitra intsony izay rehetra nananany na inona na inona hafa tsy ny hanin-kohaniny ihany.

*1 Quant à Joseph, on l'avait fait descendre en Egypte et Potiphar, l'officier du pharaon qui était chef des gardes, un Egyptien, l'avait acheté aux Ismaélites qui l'y avaient fait descendre. 2 L'Eternel fut avec Joseph et la réussite l'accompagna. Il habitait dans la maison de son maître égyptien. 3 Son maître vit que l'Eternel était avec lui et que tout ce qu'il entreprenait, l'Eternel le faisait réussir entre ses mains. 4 Et Joseph trouva grâce aux yeux de son maître : il l'employa à son service, l'établit responsable de sa maison et lui confia tous ses biens. 5 Dès que Potiphar l'eut établi responsable de sa maison et de tous ses biens, l'Eternel bénit la maison de cet Egyptien à cause de Joseph, et la bénédiction de l'Eternel reposa sur tous ses biens, que ce soit à la maison ou aux champs. 6 Il abandonna tous ses biens entre les mains de Joseph et il ne prenait connaissance de rien avec lui, sauf de sa propre nourriture.*

**Toriteny 1 : – Prédication 1 : i Josefa tao amin'i Pôtifara Egyptiana - Joseph chez un Egyptien, Potiphar :**

**Vavaka any amin'izay misy antsika – Prière là où chacun se trouve :**

- ho an'ny ankohonana sy ny fianakaviana - *pour le foyer et la famille*
- ho an'ireo izay namoy havan-tiana – *pour ceux qui ont perdu un être cher*

**Vavaka tarihin'i (Prière dirigée par) Pasteur Donald GIZY**

**Hira (Cantique) 553, 1 sy 3 : Any an-danitra ambony :**

1. Any an-danitra ambony  
Misy mijery anao.  
:,: He, feno antra ny fony,  
Koa mangina izao :,:.
3. Na dia be ny mahory,

Izy hiaro anao.

.,: Tsy ho tra-doza akory,

Koa mangina izao :.,:

## FIZARANA 2 – PARTIE 2

### Teksta 2 – Texte 2 : Gen. 39, 6b-18 :

Ary Josefa dia bikàna sady tsara tarehy. 7 Ary taorian'izany ny vadin'ny tompony nanopy ny masonry hijery an'i Josefa ka nanao hoe : « Avia handry amiko ». 8 Dia nandà izy ka nanao tamin'ny vadin'ny tompony hoe : « Indro, ny tompoko tsy mahalala izay tandremako ato an-trano, fa izay rehetra ananany dia efa natolony ho andraikitra avokoa. 9 Tsy misy lehibe noho izaho raha amin'ity trano ity, ary tsy misy zavatra narovany amiko afa-tsy ianao ihany, satria vadiny ianao. Koa hataoko ahoana no hanao izany ratsy lehibe izany ka hanota amin'Andriamanitra » ? 10 Ary na dia niteny tamin'i Josefa isan-andro aza ravehivavy, dia tsy nety nanaiky azy handry aminy izy na hiaramitoetra aminy. 11 Ary tamin'ny indray andro dia niditra tao an-trano Josefa hanao ny raharahany, ary sendra tsy nisy mpanompo tao an-trano tamin'izay, 12 dia nisambotra azy tamin'ny akanjony ravehivavy ka nanao hoe : « Avia handry amiko », fa navelan'i Josefa teo an-tànany ny akanjony, dia nandositra izy ka nivoaka teny ala-trano. 13 Ary rehefa hitan-dravehivavy fa navelany teo an-tànany ny akanjony, sady lasa nandositra any ala-trano izy, 14 dia niantso ny mpanompo izy ka nilaza taminy hoe : « Indro, efa nampiditra lehilahy Hebreo tato amintsika hisangy antsika izy : nanatona ahy mba handry amiko iny, dia niantso tamin'ny feo mahery aho. 15 Ary nony reny fa nanandratra ny feoko aho ka niantso, dia navelany teto anilako ny akanjony, ary nandositra iny ka lasa any ala-trano ». 16 Dia napetra-dravehivavy teo anilany ny akanjon'i Josefa, mandra-pahatongan'ny tompony tao an-trano. 17 Dia nilaza taminy izy araka ireo teny ireo ka nanao hoe : « Nanatona ahy ilay andevolahy Hebreo, izay nentinao ho eto amintsika, mba hisangy ahy. 18 Ary rehefa nanandratra ny feoko aho ka niantso, dia navelany eto anilako ny akanjony, ka lasa nandositra any ala-trano izy. *Or, Joseph était beau à tout point de vue. 7 Après cela, la femme de son maître porta les yeux sur Joseph et dit : « Couche avec moi » ! 8 Il refusa et lui dit : « Mon maître ne prend connaissance de rien avec moi dans la maison, il m'a confié tous ses biens. 9 Personne n'est plus grand que moi dans cette maison et il ne m'a rien interdit, sauf toi parce que tu es sa femme. Comment pourrais-je commettre un aussi grand mal et pécher contre Dieu » ? 10 Elle parlait tous les jours à Joseph, mais il ne l'écoutait pas et refusait de coucher avec elle, d'être avec elle. 11 Un jour, il était entré dans la maison pour accomplir son travail et il n'y avait là aucun des gens de la maison. 12 Elle l'attrapa par son habit en disant : « Couche avec moi » ! Il lui laissa son habit dans la main et sortit. 13 Lorsqu'elle vit qu'il lui avait laissé son habit dans la main et qu'il s'était enfui dehors, 14 elle appela les gens de sa maison et leur dit : « Regardez ! Il nous a amené un Hébreu pour abuser de nous. Cet homme s'est approché de moi pour coucher avec moi, mais j'ai poussé de grands cris. 15 Quand il a entendu que je me mettais à crier, il a laissé son habit à côté de moi et est sorti ». 16 Elle posa l'habit de Joseph à côté d'elle jusqu'à ce que son maître rentre à la maison, 17 et elle lui tint alors ce discours : « L'esclave hébreu que tu nous as amené s'est approché de moi pour*

*abuser de moi. 18 Comme je me suis mise à crier, il a laissé son habit à côté de moi et s'est enfui dehors ».*

**Toriteny 2 : – Prédication 2 : i Josefa sy ilay vadin'ny tompony - Joseph et la femme de son maître :**

**Vavaka any amin'izay misy antsika – Prière là où chacun se trouve :**

- ho an'ny Fiangonana - *pour l'Église*
- ho an'ireo mpitsabo – *pour les soignants*

**Vavaka tarihin'i (Prière dirigée par) Pasteur Donald GIZY**

**Hira (Cantique) 597, 1-2 : Ô, ry Jesosy, Mpamonjy mahery :**

1. Ô, ry Jesosy Mpamonjy mahery,  
Izaho maniry indrindra Anao,  
Fa reraka aho ka mila ho very  
Ny foko saronan'ny ratsy izao.

Fiverenana :

*Ry Tompo, tsilovy ny lalan'ny saiko,  
Ka mba arovy ny fo sy ny aiko !*

2. Efa hanafotra ahy ny rano,  
Faingàna, Jesosy, vonjeonao re !  
Ho difotra aho, ry Tompo, ka tano,  
Diovy, afaho ny foko anie !

**FIZARANA 3 – PARTIE 3**

**Teksta 3 – Texte 3 : Gen. 39, 19-23 :**

19 Ary rehefa ren'ny tompony ny tenin'ny vadiny, izay niteny taminy ka nanao hoe :  
« Araka ireo teny ireo no nataon'ilay andevolahinao tamiko, dia nirehitra ny fahatezerany ». 20 Ary ny tompon'i Josefa dia naka azy ka nanao azy tao an-trano-maizina, izay fitoeran'ny mpifatotra diso tamin'ny mpanjaka. Dia nitoetra tao an-trano-maizina izy. 21 Nefa Ny TOMPO nomban'i Josefa sy namindra fo taminy ka nampahita fitia azy teo imason'ny mpitandrina ny trano-maizina. 22 Dia natolotry ny mpitandrina ny tranomaizina ho andraikitry'i Josefa ny mpifatotra rehetra izay tao an-trano-maizina, ary izay rehetra nataony tao dia izy no antony. 23 Ny mpitandrina ny trano-maizina tsy mba nikarakara na inona na inona izay efa mby an-tànan, satria Ny TOMPO nomban'i Josefa, ary izay nataony dia nambinin'Ny TOMPO.

*19 En entendant les affirmations de sa femme qui lui disait : «Voilà ce que m'a fait ton esclave», le maître de Joseph fut enflammé de colère. 20 Il s'empara de Joseph et le mit en prison, à l'endroit où les prisonniers du roi étaient enfermés. Il resta donc là, en prison. 21 L'Éternel fut avec Joseph et étendit sa bonté sur lui. Il lui fit gagner la faveur du chef de la prison. 22 Celui-ci plaça sous son autorité tous les détenus qui étaient dans la prison, et tout ce qu'on y faisait passait par lui. 23 Le chef de la prison ne*

*s'occupait pas du tout de ce qui était sous la responsabilité de Joseph, parce que l'Eternel était avec lui et faisait réussir ce qu'il entreprenait.*

**Toriteny 3 : – Prédication 3 : i Josefa tany am-pigadrana - Joseph en prison :**

**Vavaka any amin'izay misy antsika – Prière là où chacun se trouve :**

- ho an'ny Mpitandrina– *pour les Pasteurs*
- ho an'ny mpitondra antsika– *pour les dirigeants*

**Vavaka tarihin'i (Prière dirigée par) Pasteur Donald GIZY**

**Hira (Cantique) 619, 1 sy 3-4 : Ry Raiko ô, tariho ny zanakao :**

1. Ry Raiko ô, tariho ny zanakao, tariho re !  
Fa maizina ny lalako izao, tariho re !  
Tsilovy ka omeo finoana,  
Tantano ao am-pandehana.
3. Tsy mba ahoako ny loza aty an-dalana.  
Tsy te-hitsinjo koa ny ary an-koatra.  
Fa isan'andro alaharonao,  
Ry Raiko ô, ny dian'ny zanakao.
4. Na mbola lavitra aza re izay alehako,  
Tarihonafo ambara-pahafaka ny alina,  
Dia vao hitsahatra ny zanakao.  
Ry Raiko ô, ary an-danitrao.

**FANDRAVONANA – CONCLUSION :**

**Teksta – Texte : Deuteronomia 8, 1-16 :**

1 Ny Lalàna rehetra izay andidiako anao anio dia tandremo harahinareo, mba ho velona ianareo ka hiamaro ary hiditra sady handova ny tany izay nianianan'Ny TOMPO tamin'ny razanareo homena azy. 2 Ary tsarovy ny lalana rehetra izay nitondran'Ny TOMPO Andriamanitrao anao tany an-efitra izao 40 taona izao, hampanetry tena anao sy hizaha toetra anao ary hahalala izay ao am-ponao, na hitandrina ny Didiny ianao, na tsia. 3 Dia nampanetry tena anao Izy ka namela anao ho noana, dia nanome anao ny mana hohaninao, izay tsy fantatrao na ny razanao, hampahafantarany anao fa tsy mofo ihany no iveloman'ny olona fa izay rehetra aloaky ny vavan'Ny TOMPO no iveloman'ny olona. 4 Ny fitafianafo teny aminao tsy rovitra ary ny tongotrafo tsy nivonto izao 40 taona izao. 5 Koa aoka ho fantatrao amin'ny fonao fa tahaka ny fananaran'ny olona ny zanany no fananaran'Ny TOMPO Andriamanitrao anao.

*1 Vous respecterez et mettrez en pratique tous les Commandements que Je vous prescris aujourd'hui afin de vivre, de devenir nombreux et d'entrer en possession du pays que l'Eternel a juré de donner à vos ancêtres. 2 Souviens-toi de tout le chemin que l'Eternel, ton Dieu, t'a fait faire pendant ces 40 années dans le désert. Il voulait t'humilier et te mettre à l'épreuve pour connaître les dispositions de ton coeur et savoir si tu respecterais ou non ses Commandements. 3 Il t'a humilié, Il t'a fait connaître la*

*faim et Il t'a nourri de la manne, que tu ne connaissais pas et que tes ancêtres non plus n'avaient pas connue, afin de t'apprendre que l'homme ne vit pas de pain seulement, mais de tout ce qui sort de la Bouche de l'Eternel. 4 Pendant ces 40 années, ton vêtement ne s'est pas usé sur toi et ton pied n'a pas enflé. 5 Reconnais dans ton coeur que l'Eternel, ton Dieu, t'éduque comme un homme éduque son enfant.*

6 Ary tandremo ny Didin'Ny TOMPO Andriamanitrao, mba handehananao amin'ny lalany sy hatahoranao Azy. 7 Fa Ny TOMPO Andriamanitrao efa hampiditra anao any amin'ny tany soa, dia tany misy renirano sy loharano ary rano lalina eny amin'ny lohasaha sy ny tendrombohitra, 8 tany misy vary tritika sy vary hordea sy voaloboka sy aviavy ary ampongabendanitra, tany misy hazo oliva sy tantely, 9 tany izay hihinananao hanina amin'ny fanaranam-po, sady tsy hanan-java-mahory akory eo hianao, tany misy vy ny vato ao aminy ary ao amin'ny tendrombohiny no hihadianao varahina. 10 Ary rehefa nihinana ianao ka voky ary misaotra Ny TOMPO Andriamanitrao noho ny tany soa izay nomeny anao, 11 dia mitandrema, fandrao hadinoinao Ny TOMPO Andriamanitrao, ka tsy tandremanao ny Didiny sy ny Fitsipiny ary ny Lalàny, izay andidiako anao anio; 12 fandrao rehefa nihinana ianao ka voky ary nanao trano tsara ka mitoetra ao, 13 ary mihamaro ny ombinao sy ny ondry aman-osinao, ary mitombo koa ny volafotsinao sy ny volamenanao, ary mitombo ny fanananao rehetra 14 dia hiavonavona ny fonao, ka hohadinoinao Ny TOMPO Andriamanitrao, izay nitondra anao nivoaka avy tany amin'ny tany Egypta, tamin'ny trano nahandevozana, 15 izay nitondra anao tany amin'ny efitra lehibe sady mahatahotra, izay misy menarana afo [Heb. : sarafa.] sy maingoka, dia ny tany mangentana tsy misy rano, ary nampivoaka rano ho anao avy tamin'ny vatolampy afovato, 16 izay nanome anao mana hohanina tany an-efitra, dia zavatra tsy fantatry ny razanao, mba hampanetry tena anao sy hizaha toetra anao ary hanisy soa anao any am-parany.

*6 Tu respecteras les commandements de l'Eternel, ton Dieu, pour marcher dans ses voies et pour le craindre. 7 En effet, l'Eternel, ton Dieu, va te faire entrer dans un bon pays. C'est un pays de cours d'eau, de sources et de lacs qui jaillissent dans les vallées et dans les montagnes, 8 un pays de blé, d'orge, de vignes, de figuiers et de grenadiers, un pays d'oliviers et de miel, 9 un pays où tu mangeras du pain avec abondance, où tu ne manqueras de rien, un pays dont les pierres sont du fer et où tu pourras extraire le cuivre des montagnes. 10 Lorsque tu mangeras à satiété, tu béniras l'Eternel, ton Dieu, pour le bon pays qu'Il t'a donné. 11 Veille bien à ne pas oublier l'Eternel, ton Dieu, au point de ne pas respecter ses Commandements, ses Règles et ses Prescriptions, que je te donne aujourd'hui. 12 Lorsque tu mangeras à satiété, lorsque tu construiras et habiteras de belles maisons, 13 lorsque tu verras ton gros et ton petit bétail se multiplier, ton argent et ton or augmenter et tout ce qui est à toi se développer, 14 attention : ne laisse pas ton cœur s'enorgueillir et n'oublie pas l'Eternel, ton Dieu. C'est Lui qui t'a fait sortir d'Egypte, de la maison d'esclavage, 15 qui t'a fait marcher dans ce grand et affreux désert où il y a des serpents brûlants et des scorpions, dans des endroits arides et sans eau, et qui a fait jaillir pour toi de l'eau du rocher le plus dur, 16 qui t'a fait manger dans le désert la manne, inconnue de tes ancêtres, afin de t'humilier et de te mettre à l'épreuve pour te faire ensuite du bien.*

## Vavaka tarihin'i (Prière dirigée par) Pasteur Donald GIZY

### Vavaka nampianarin'ny Tompo – Notre Père :

Rainay ô, izay any an-danitra,  
Hohamasinina anie ny Anaranao,  
Ho tonga anie ny Fanjakanao,  
Hatao anie ny Sitraponao ety an-tany tahaka ny any an-danitra.  
Omeo anay anio izay hanina sahaza ho anay.  
Ary mamelà ny helokay tahaka ny namelanay izay meloka taminay.  
Dia aza mitondra anay ho amin'ny fakam-panahy fa manafaha anay amin'ny ratsy.  
Fa Anao ny Fanjakana sy ny Hery ary ny Voninahitra mandrakizay. Amen !

*Notre Père qui es aux cieux,*

*Que ton Nom soit sanctifié,*

*Que ton Règne vienne,*

*Que ta Volonté soit faite sur la terre comme au ciel.*

*Donne-nous aujourd'hui notre pain de ce jour.*

*Pardonne-nous nos offenses comme nous pardonnons aussi à ceux qui nous ont offensés.*

*Et ne nous soumetts pas à la tentation mais délivre-nous de mal.*

*Car c'est à Toi qu'appartiennent le Règne, la Puissance et la Gloire, pour les siècles des siècles. Amen !*

### Hira (Chant) chorale : Tia

1. Ianao irery ihany Jeso no tsy mandao  
Na tsiky na tomany dia ao foana Ianao  
Ka tsy mandeha irery ny fiainako ety  
Ny Sandrinao mahery mitantana ny dia.

Fiverenana :

*Izany re no tena itiavako Anao*

*Ary ianteherako ny Fitiavanao*

*::: Fa tena tia tokoa Ianao*

*Tia (tokoa) ka tsy mandao ::: (2 fois)*

2. Raha tojo fahoriana, nampaherezinao  
Tanaty hafaliana eh, tsy mba adinonao  
Raha sendra adin-tsaina ka nahafoy Anao  
Ianao no andrandraina eh, fa izao no sitrakao.
3. Am-pototr'ilay Hazo izay nanombohana Anao  
Eo aho no mahazo ny Fiadananao  
Fa mahaso indrindra ny eo anilanao  
Miaraka mamindra eh satria tantananao.

### Tso-drano – Bénédiction

### Fanirahana - Envoi

**Amin'ny Anaran'Andriamanitra Ray sy Zanaka ary Fanahy Masina – Au Nom du Dieu le Père, le Fils et le Saint-Esprit. Amen !**

Abidjan, Aix-Marseille, Amiens, Annemasse, Athis-Fanantenana, Avignon, Bordeaux, Caen, Cergy, Clermont-Ferrand, Creil, Dijon, Fihobiana-Paris, Grands-Champs, Grenoble, Lille, Lyon, Melun, Montpellier, Mulhouse, Nancy, Nantes, Nice, Orléans, Paris, Poitiers, Port Royal Arago, Reims, Rennes, Rouen, Saint Denis - Le Port (La Réunion), Saint-Etienne, Strasbourg, Toulouse, Tours, Troyes, Vatofehizoro, Vincennes, Yvelines-Fahazavana.